Tsy fanarahan-dalàna maro misy 6

**Miezaka manao fanarian-dia ny governemanta Ntsay**

Rajoelina sy ny ekipany 2

**Mikatsaka hatrany ny hitomboan'ny olona azony badoina**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 19 oktobra 2023 Laharana 1485 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**HMF : Hetsiky ny Mpitondra Fivavahana** 3

**Hijoro koa manoloana ny fahapotehan'ny firenena**

## Vondron'ny kandidà 11 2

# Mijoro hatramin'ny farany

## mitombo mitombo hatrany ny mpanara-dia



## Neny Christine Razanamahasoa 6

# Nankasitraka ny fahasahiany

## ny ankamaroan'ny Malagasy



## Mpianatry ny Oniversite avy amin'ny faritra 23 2

# Manome 72 ora

## ny fitondrana hamahana ny olany



## Raharaham-pirenena 3

# Ampy izay 5 taona namitahan-dRajoelina ny Malagasy izay



**Sprinter sy Kamiao Star nifandona** 6

**2 namoy ny ainy, 18 naratra mafy**

**Rugby tompondaka federaly 2** 7

**Amin'ny alahady izao indray no fotoana**

**Daka kely**

Tsy mirevy rombo toa an'ialahy isany daholo akory ny mpokona ry Boaikely a !

VONDRON'NY KANDIDÀ 11

# Mijoro hatramin'ny farany, mitombo mitombo hatrany ny mpanara-dia

Andavamamba, Mahamasina ny talata teo ary Tanjombato, Mahamasina, ny diabe am-pilaminana nataon'ny vondron'ireo kandidà 11 omaly. Namafisin'izy ireo nandritra izany fa mijoro hatramin'ny farany izy ireo, hatramin'ny fandresena dia ny hivalian'ireo fitakiana natao ka haha-marina sy hampangarahara ny fifidianana hatao. Mitombo miha-mitombo hatrany ihany koa ny mpanara-dia azy ireo. Raha ny omaly, nisy ny diabe avy any Tanjombato, fa nisy koa ny fanentanana mialoha teo Mahamasina, nafanain'i Bodo, Princio, Mamy Be, Elidiot, Belahy,… Ankoatra izany, tonga nanatevin-daharana ny tolona koa ireo sendika sy ny antoko Politika. Mahazo hery sy tanjaka ny tolona tarihan'ny Collectif des candidats, hamerenana ny fanajana lalàna sy hanjakan'ny fahamarinana hisian'ny fifidianana madio. Na nisy ary ny sakantsakana sy ny herisetra, tsy nahasakana ireo kandidà sy ireo mpanara-dia azy ireo izany. Na ny teny Andavamamba na ny teny Tanjombato, nisy andian'olona niakanjo volomboasary nibahana sy nanakorontana sady nandratra olon-tsotra sy nanimba fananan'olona vao niainga, raha ny teny Andavamamba. Saika mbola hanakantsakana koa ireo volomboasary teny Tanjombato, saingy tonga mialoha nandamina ny mpitandro filaminana. Nanambara ireo mpitarika, fa hitohy hatrany ny hetsiky ny vondron'ny kandidà ary mbola miantso ireo rehetra tratry ny tsindry hazo lena tamin'ny fitondrana Rajoelina izy ireo, hanatevina ny tolona. Fantatra izao, fa mety hanatevina ny hetsika koa ny mpianatry ny Oniversite.



***Isambilo***

Antenimierampirenena

# Tadiavina haongana koa Christine Razanamahasoa

Araka ny vaovao voaray, tadiavin-dRajoelina sy ny forongony haongana indray koa ny filohan'ny Antenimierampirenena Christine Razanamahasoa. Ny talata alina lasa teo, tao aorian'ny fahavitan'ny fotoam-panokafana ny fivorian'ny Parlemanta dia ny Antenimierandoholona sy ny Antenimierampirenena, nantsoin'i Andry Rajoelina maika teny amin'ny Arena Ivandry ireo depiote izay efa vitsy an'isa miara-dia aminy. Voalaza fa voaresaka tamin'izany ny hanongana ny filohan'ny Antenimierampirenena, tsy mahazaka ny filazana ny marina ry Rajoelina sy ny forongony, ka tadiaviny hailika avokoa izay milaza ny marina sy manakiana azy ireo ireo mpiara-dia na niara-dia taminy. Raha tsiahivina nandritra ny fotoam-panokafana ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny teny Tsimbazaza ny talata teo, miantso ny hirosoana amin'ny fifampiresahana an-databatra boribory ny filohan'ireo depioye Christine Razanamahasoa. Arak'izany, nivoaka tamin'ny fahangianany ity Filohan'ny andrimpanjakana ity, manoloana ny toe-draharaha mafampana eto amin'ny firenena ankehitriny. ''Mba hialana amin'ny patsa iray tsy omby vava aoriana any, satria tsy misy mahafantatra ny ho avy isika dia aleo misoroka toy izay mitsabo. Ny Soatoavina mampiavaka antsika Malagasy dia ny FIHAVANANA, ka tsara ny miroso amin'ny fifanatonana ampanajana sy ampilamianana ary ampahendrena. Tsy midika resy na ambany ny manatona ary tsy midika resy na diso ny miaiky ny tsy mety natao. Zon'ny tsirairay ny maneho hevitra ankalalahana tsy misy teritery. Ny zon'olombelona rahateo dia manameloka ny fampiasan-kery. Koa noho izany dia atsaharo ny fampiasan-kery sy ny fihantsiana hita etsy sy eroa, fa tsy mahasoa ny firenena. Ilaina amin'ny vanimpotoana misy eto an-tanindrazana izao ny FIFAMPIRESAHANA ANDATABATRA BORIBORY, mba hamahana ny olana sy ny disadisa eo amin'ny tsy mitovy hevitra,'' hoy izy. Tamin'ny lahateny tamin'ny teny Frantsay kosa no nilazany ireo olana fototra misy eto amin'ny firenena amin'izao dia ny tsy fanajana ny lalampanorenana, ny fitanilan'ny HCC, ny momba ny CENI, ny tsy maha-aradalàna ny fitondran'ny governemanta amin'izao ny fitantanam-pirenena, ho filoha mpisolo toerana vonjy maika, ny fironana misy eo amin'ny mpitandro filaminana. Momba ny fanokafana ny fivorian'ny Parlemanta ny talata teo io, tonga maro ny Masoivoho avy amin'ny fianakaviambe iraisam-pirenena teny Tsimbazaza, tsy tonga kosa izy ireo ny tolakandro teny amin'ny Antenimierandoholona Anosikely. Midika fa tsy ankasitrahan'izy ireo ny karazana fandrombahampahefana nataon'ny Jeneraly Richard Ravalomanana etsy Anosikely.



*Ny filohan'ny Antenimierampirenena, Christine Razanamahasoa.*

***Stefa***

Mpianatry ny Oniversite avy amin'ny faritra 23

# Manome 72 ora ny fitondrana hamahana ny olany

Nanao fanambarana ny mpianatra eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo omaly teny Ankatso. Nambaran'izy ireo nandritra izany, fa tsy tokony hampiasaina hanaovana politika ny eny Ankatso, toy ny nanaovana propagandy, satria na izy mpianatra aza tsy afaka mampiasa izany. Ankoatra izany, manome 72 ora ny fitondram-panjakana izy ireo hamahana ireto teboka manaraka ireto, mangataka :

-Ny hipetrahana haingana amin'ny trano vaovao eny Ankatso 2.

-Ny fanamboarana ireo trano may na eny Ankatso na eny Vontovorona.

-Ny famahana ny olana tsy mampandeha ny fampianarana eny amin'ny Anjerimanontolo.

-Ny fanatsarana fotodrafitrasa rehetra eny amin'ny trano fonenan'ny mpianatra ary ny fitadiavana vahaolana mahakasika ny tsy fandriampahalemana eny an-toerana.

-Tsy eken'izy ireo ny tsy fanajana ny faritry ny Oniversite.

-Angatahan'izy ireo ihany koa ny famahana ireo olana misy eto amin'ny firenena, izay misy fiantraikany eo amin'ny ho avin'ny mpianatra.



*Solontenan'ny mpianatry ny Oniversiten'Antananarivo, nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly.*

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Rajoelina sy ny ekipany

# Mikatsaka hatrany ny hitomboan'ny olona azony badoina

Kendrena sy katsahina hatrany ny hampahantra ny vahoaka Malagasy, mba hahafahana mifehy sy mibaiko ary manazioga azy. Noezahin-dRajoelina sy ireo mpiray petsapetsa aminy izany, indrindra tato anatin'ny dimy farany izao. Efa nataony io nandritry ny tetezamita, fa mbola ezahiny tohizana mihitsy amin'izao fotoana izao. Ny tombontsoa ho azy, dia izao iaraha-mahita ankehitriny izao. Azo vidim-bola sy baikoina amin'izay itiavany azy, ka na hihantsy ady sy hamono ny mpiray tanidrazana aza, dia tsy olana, fa ny tanjona tsy maintsy tratrarina. Iarahamahita tsara ny ankamaroan'ireo olona ampisainy isan'andro hanao sotasota sy hihetraketraka hoe avy aiza avokoa izy ireny sy tanàna niaviany ary sokajin'olona manao ahoana? Olona tsy afaka hisaina sy hieritreritra, fa hoentina any amin'ny lavaka mangitsonkitsoka anie ilay firenena, ka hatao gisitra tanteraka miohatra amin'ny hafa. Dia izao rambony izao ilay firenena , tsy haka lavitra fa aty amin'ny Ranomasimbe Indiana fotsiny. Na ny Nosy Kaomoro aza efa hihoatra lavitra antsika, nefa vao firy taona monja izay no mbola taoriantsika izy? Ireo olona ireo dia ilay nampitoerina amin'ny toerana tian'ireo mpibaiko azy mihitsy ka tsy afaka hisaina izany sy hivaky loha na kely aza, fa karama amin'ilay vola kely tsy mahavita firy akory no masaka ao an-dohany. Hitoemoe-poana aza atao isan'andro mainka fa misy manome vola kely? Nampahantraina hatrany amin'ny saina ihany koa, fa tsy afaka firy tamin'ny fianarana hany ka mora ny manabado azy. Izay ilay ampahany amin'ny vahoaka malagasy, lasa olana hoan'ity firenena ity. Firenena izay katsahina atao varo-boba amin'ny mpanao politika maloto mpitondra frantsay amin'izao fotoana izao. Tsy misy adihevitra, fa ny fandrotsahana an-dRajoelina kandidà sy ny fikatsahana amin'ny fomba rehetra ny fampandaniana azy, dia tena famarotana ny tanindrazana amin'ireo Frantsay ireo tsotra izao. Satria tsy maintsy hitady izay hampitomboina hatrany ny tombontsoa gohany eto, ankoatra izay efa eo am-pelatanany nandritry ny taona maro ireo Frantsay ireo, ary fitaovana mahomby amin'izany Rajoelina sy ireo mpomba manara-dia azy amin'izao fotoana izao. Ny olona mizaka ny zom-pirenena frantsay dia voafatotra tsy maintsy manao izany na tiany na tsy tiany, fa resabe famitaham-bahoaka fotsiny ny ankoatra izay. Iretsy karazan'olona nambara tery aloha ireo no tsy mahatakatra izany satria nohabadoiny ireo. Mora kokoa ny mitondra firenena amin'izay tiana anaovana azy, rehefa miha-mitombo isa ny bado sy tsy afaka hampiakatra ny haavo lentan'ny fisainana sy ny fomba fiheverana. Tsy maintsy sakanana amin'ny fomba rehetra ihany koa anefa izany tranga mampidi-doza ny firenena izany. Soa fa misy ireto vondron'ny kandidà 11 miaraka amin'ireo solombavabahoaka manohana sy miara-dia amin'izy ireo ireto amin'izao fotoana izao. Any sisa no isian'ny fanantenana ho an'ny olom-pirenena maro.

***Sôh'son***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Fanja R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Raharaham-pirenena

# Ampy izay 5 taona namitahan-dRajoelina ny Malagasy izay

Voamarina tato anatin'ny herinandro mahery kely, fa potika avokoa izay rehetra toerana misy andry Rajoelina sy ny forongony. Mety misy tsy mahalala tokoa ny fandravaravana ataon'ny foza orana eny an-tanimbary mankafia ny tsirony fotsiny rehefa mihinana azy. Rehefa eny anaty rano misy azy dia laniny avokoa ny zavaboary rehetra, eny hatramin'ny trondro miara-monina aminy aza, ka azo antoka fa izay no mampatsiro azy. Matsiro tokoa ny vola raisina sy menaka ary paty zaraina ho an'ireo izay manaiky hamporisihana handrafy ny Malagasy mpiray Tanindrazana aminy. Niaraha-niaina ihany koa ireny fanakanana ataon'ireo nahazo baiko ny filaharana am-pitoniana nataon'ny vondron'ny kandidà 11 teny Antanimena, teny Alarobia, sns,… Nanao hetsika ny TGV notarihan'ny depiote Naivo Raholdina sy ny vadiny kanefa tsy nisy fanakanana nataon'ny herim-pamoretana izany. Niezaka mandrakariva ny vondron'ny kandidà 11 niala tamin'ny fifandonana sy fanaovana sorona ireo resy lahatra amin'ny hetsika ataony. Rehefa tsy niteraka izay noheveriny hampihemotra ny kandidà 11 amin''ny alàlan'ny fampiasana ny zandary ny mpanohana an'i Andry Nirina Rajoelina dia nitady "satratejia" hafa indray, ka nanakarama andian'olona nihantsy sy nikasitànana olona na dia izay tsy nihevitra ny nilahatra akory aza. Tsiahivina manokana ny teny Ampasampito ka ny depiote Raholdina Naivo sy ny vadiny mihitsy no nidina teny an-kianja, kanefa tsy nahomby ny teti-dratsy noho ny fihetsika feno fahendrena nasehon'ny vahoaka mpanohana ny Hetsika Fotsy. Nanao fampielezan-kevitra Andry Nirina Rajoelina, na dia tsy eken'ny vahoaka Malagasy tsy manaiky ny fanitsakitsahana ny fiandrianam-pirenena aza ny maha kandidà azy, noho ny niniany nangataka ny zom-pirenena frantsay. Efa ampy ny namitahany ny Malagasy nandritra izay dimy taona izay, ka tsy maintsy tadiavina ny fomba sy ny tetika rehetra hanilihana ny mpanjanaka tsy hitondra ity Firenena ity intsony. Hita tamin'ny tambazotran-tserasera, fa nozaraina vola sy notaterina tamin'ny kamio mpitatitra fako ireo olona nanatevin-daharana ny hetsika nataon-dRajoelina izay nidehaka indray fa mbola tian'ny vahoakan'Antananarivo izy. Tsy omena tsiny ny olona raha tonga satria sitrany sakafo iray na roa andro kanefa kosa tsy azo eritreretina ny fampitoviana azy ireo ho toy ny fako. Nihevitra izy ireo, fa hihemotra noho ny tahotra ny mpanao diabe miaraka amin'ny Hetsika Fotsy, ka nanakana ny nanatevin-daharana teny Andavamamba ary nisy mihitsy ny fanimbana fiara sy fikasihan-tànana. Soa fa mbola nanao fanelanelanana ny teo anivon'ny polisim-pirenena, ka nikisaka tsy afaka namotika toy ny fanaony ny mpomba an-dRajoelina. Nisokatra ny Talata 17 Oktobra 2023 lasa teo ny taom-pivoriana ara-potoan'ny Antenimierampirenena sy Antenimierandoholona. Tena Lapan'ny Demokrasia marina ny ao Tsimbazaza tamin'io andro io, satria dia samy naneho ny fihetsempony ireo ankolafy roa ao rehefa niditra ny Lapa ny "filohan'ny Antenimierandoholona" voafidy tamin'ny fomba tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana, sy tamin'ny fotoana tsy mifanaraka amin'ny fitsipika mifehy ity andrimpanjakana ity. Torak'izany koa no niseho tamin'ny fidiran'ny Praiminisitra tao an-dapa satria tsy eken'ny solombavambahoaka mitaky ny tany tan-dalàna ny fanongam-panjakana nataony raha neken'ny HCC ny maha filoham-panjakana mpisolo toerana azy amin'izao fotoana izao. Tsy hita tao amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena ihany koa ny depiote Raholdina Naivo tamin'ity fotoana ity, satria azo inoana fa tahotra fanakianana avy amin'ireo mahatsiaro fa tsy mendrika ny maha solombavambahoaka ny fihetsika nataony teny Ampasampito. Tsapa ihany koa fa tena matotra sy tena nampiseho ny tena maha izy azy ny kabarin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena tamin'ny fanokafana ny taom-pivoriana. Nanatrika ny fotoana ireo Masoivoho vahiny eto an-toerana, ka nazava sy nahitsy ny kabary nivantana tamin'izy ireo ary tsy tokony hisy intsony ny "langage diplomatique" fa atao mahitsy sy tsy miholaka ny tian-kambara. Tsara ho marihana fa tsy nanatrika ny fanokafana ny teny amin'ny Antenimierandoholona Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena izay azo heverina, fa fanehoana fa tsy araka ny Lalàmpanorenana ny tranga rehetra tao amin'ity andrimpanjakana ity. Mbola mampiseho ny fanaovana loham-boto sy letrezana ihany i Andry Nirina Rajoelina, ka nampivory depiote IRD indray ny Talata lasa teo rehefa avy nihaino ny kabarin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena angamba, satria sady tsy filohana Andrimpanjakana intsony izy, no tsy Malagasy ka azo lazaina fa nisandoka fahefana (usurpation de pouvoir). Raha ny tranga teny Tanjombato omaly dia azo lazaina fa mivaha tanteraka ny fihetsika fiarovan-tena (garde et parade) satria tena nitandro ny filaminana tanteraka ny Polisim-pirenena tamin'ny alàlan'ny SAG. Tsy Malagasy ny depiote voafidy teny Atsimondrano sy ny ben'ny tanànan'i Tanjombato raha nanondro am-pahibemaso ho "fahavalo" (mpanani- bohitra) ny mpanao Hetsika Fotsy" izay Malagasy. Faniriana ny fahafahan'ny olona eto amin'ity Firenena Malagasy ity ka manangam-pahavalo ny Malagasy hifindra monina any amin'ny firenena any ivelany, izay tiany rehefa ho takiana aminy izay havaliny ny vava tsy ambina navoakany.

***Andry Tsiavalona***



### Christine Razanamahasoa Nametraka ny Antenimierampirenena ho tena arofanina

**Gregoire Rabemahafaly :** ireny no tena kabarina filohan'ny Assemblée Nationale, ireny kabarin'i Christine Razanamahasoa ny talata teo ireny. Tena napetrany ho arofanin'ny fahefana mpanatanteraka ny Antenimierampirenena.

**Andrianjakahasina Rasamimanana :** PAOTSATROKA PAN a! AFABARAKA TOKOA RY ORANGE TEO IMASON'NY CORPS DPLMTQ SY NY MALAGASY. VAO MAIKA MITOMBOBE NY VAHOAKAN'NY K_11.

**Rasamimanana Augustin :** tsy mahomby foana ny tetidratsin'ny mafias mampiasa jiolahy sy jiovavy handrava ny tolona ampilaminana ataon'ny kandida 11. mitohy ny tolona. tsy mila rafitra mapar mpangalabato. tsy mila vazaha. misaotra ny sendika Men sy Mesupres manohana dia miantso ny mpiasa rehetra hiaraka hanongotra ny fitondran-jiolahy nahatonga an'i Madagasikara ho lasa firenena faha5 mahantra erantany.

**razafihery razafinama :** manampahaizana izy sady ray amandreny, mpampihavana fa ts mpapiady.

**Fantsoa Rakotoarisoa :** fahamarinana no ilaina e!

**Andrianjakahasina Rasamimanana :** l'heure n'est plus à la diplomatie chers diplomates hoy pan. Leraaaaa! tsy adala akory ireo députés Ird marobe niala t@ i ANR ireo ry orange sasany aaaa! sady efa nanana traikefa izy ireny no koa mankahala ny mpanitsakitsaka lalàna. mitohy ny tolona. efa raikitra ny "tsara= tout sauf Andry Rainilainga" . Madagasikara an'ny malagasy fa tsy omena ny vazaha. Eny Tanjombato indray androany. asa na mbola hanao asanjiolahy foana ry tsy matahotody. tongava maro ry malagasy tia tanindrazana aaa!

**Justin Jaofeno:** tsy PAN fo, fa Rossy koa efa leo fitondrana Rajoelina izao ty. Olo tsy azo omena fahefana Lalatiana hoy izy, mira: olo tsy azo omena fahefana Rajoelina, satria Lalatiana = Rajoelina raha politika koragniny.

**Firmin Rakotonjanahary:** hevitra tsara koa ilay hisian'ny sehatra ifampidinihana miainga avy amin'ny Antenimierampirenena.

**Daniel Bezaka:** nandraingiraingy governemanta Ntsay niboaka tao Tsimbazaza, nilefa question Journalistes ingahy.

**Sonia Rakotobe:** efa niotrika tao amin'ny PAN ireny tsy fanajana maro nataon'ny fitondrana Rajoelina sy ny forongony ireny, ka ny talata teo iny vao sahiny napoaka, ary tena nirefotra mihitsy ny nanaovany azy, indrindra ny tamin'ny teny Frantsay. Merci PAN.

## HMF : Hetsiky ny Mpitondra Fivavahana

# Hijoro koa manoloana ny fahapotehan'ny firenena

Hijoro koa manoloana ny fahapotehan'ny firenena amin'izao fotoana ny HMF, na Hetsiky ny Mpitondra Fivavahana. Misy ny fanambarana nataon'izy ireo mahakasika izay :

''Hetsika ny Mpitondra Fivavahana : MOUVEMENT DES LEADERS RELIGIEUX « … fa ataoko ahoana ny fijery ny loza hanjo ny fireneko, ary ataoko ahoana ny fandringanana ny havako ». Estera 8, 6 « Koa avia ankehitriny ianao hirahiko » Eks3, 10. « Ity ny andro voatendrin'i Jehovah …mitsangana mihazavà fa tonga ny fahazavanao » Salamo 118, 24 Isaia 60, 1. Tsy afaka ny hitazam-potsiny ny Hetsiky ny Mpitondra Fivavahana (HMF) manoloana izao fahoriana manjo ny firenentsika sy ny vahoaka izao, « Indro ny haizina manarona ny tany ary ny haizim-pito manarona ny firenena. » Isaia 60, 2. Koa tery am-panahy tanteraka izahay ka mijoro indray ankehitriny handray andraikitra amin'ny maha olom-pirenena sy ny maha olon'Andriamanitra anay. Noho izany : - miantso ny olom-pirenena mba tsy ho latsaka ao anatin'ny ady an-trano, hisorohana ny rà latsaka « … ho foana ny fanjakana rehetra izay miady antrano » Mat 12 : 25 « mba tsy hisy rà marina latsaka eo amin'ny taninao, izay omen'i Jehovah Andriamanitrao anao ho lovanao ka tsy ho meloka amin'ny rà ianao », Deo19,10 - «Ny fahamarinana manandratra ny firenena » Oha 14, 34. Koa mijoroa ho marina ho fanafahana ny Tanindrazana amin'ny sehatra rehetra misy anao. - ny fitandroana ny FIHAVANANA, ny Malagasy no manana izany fihavanana izany ary tsy hita maneran-tany izany FIHAVANANA izany, koa miantso ny olom-pirenena rehetra manerana an'i Madagasikara mba hampanjaka izany fihavanana Malagasy tsy misy pentipentina izany. Na inona na inona fampisaraham-bazana ataon'ny mpanao politika dia hitoetra ao am-pontsika ny iray tsy mivaky, tsy zarazarain'ny firehana tsy mitovy. "Didy vaovao no omeko anareo dia ny mba hifankatiavanareo" Jao 13, 34 - Sahia maneho hevitra "aoka ianareo hiteny, fa efa nantsoina tamin' ny fahafahana ianareo" Jak 2, 12, Gal 5, 13a. Miantso ireo vita Batisa, Batemy, Mpandray ny fanasan'ny Tompo, vita Komonio Voalohany sy ny maro hafa, mba handray andraikitra manoloana ny zava-misy ankehitriny. Lasa zary fialokalofan'ireo mpambotry firenena ny fitantanana ny firenena, fa tsy hita intsony ny fitiavan-tanindrazana sy ny fampandrosoana ny firenena. Madagasikara izay firenena isan'ny manana ny harena araboajanahary sy ny kanto ary ireo kolontsaina mampiavaka azy. Potika anefa izany tao anatin'ny fotoana maro noho izay fizarazarana izay, ka alao hery ry vahoaka Malagasy, fa fotoana izao hanarenantsika ny ho avin 'ireo tanaraka any aoriana. Farany, entanina ireo mpisehatra politika rehetra mba hiroso amin'ny fifampiresahana sy ny dinika an-databatra boribory ary vonona handray anjara amin' izany ny Hetsiky ny Mpitondra Fivavahana. "Efa nanendry mpiambina ho eny ambonin'ny mandanao Aho, ry Jerosalema o! koa mandrakariva na andro na alina dia tsy mahazo mangina ireny, eny ianareo izay mpampatsiahy an'i Jehovah, aza mitsahatra" Isaia 62, 6. Ny hetsiky ny Mpitondra Fivavahana dia mipetraka ho Raiamandreny tsy mitsahatra mananatra sy manoro hevitra hatrany nandritra ireny fotoan-tsarotra nolalovana teto amin'ny firenena ireny, mba hiainan'ny vahoaka rehetra ny Fiadanana. "Tsy hangina Aho noho ny amin'ny Ziona, ary tsy hitsaha-miteny Aho noho ny amin'i Jerosalema mandra-piposaky ny fahamarinana tahaka ny famirapiratry ny mazava, ary ny famonjena azy tahaka ny fanilo mirehitra". ISAIA 62,1. Mahareta fa homba antsika Andriamanitra!''

***Nangonin'Isambilo***

## TONONKALO

### DIOVY ALOHA NY TOKONTANY

Diovy aloha ny tokontany k'aza atao anaty lisitra
Ireo nanongam-panjakana tamin-kery sy hafetsena.
Ny voalohany amin'izany dia Ingahy praiminisitra,
Mody moana nefa hay fanetriben'ny firenena !

Diovy aloha ny tokontany dia esory ireo jiolahy
Izay mbola hita ho mamahatra ao anaty fitondrana,
Fa ireo vahoaka tsotra dia vao mainka mihasahy
Ka tena hanongotra azy ireo raha toa tsy misy fanovana !

Diovy aloha ny tokontany, ny komity koa soloy
Raha fifidianana madio no tena tanjona hotratrarina.
Efa tena mahatezitra ary mankaloiloy
Ny fahitana an'izy ireo izay tena olona tsy marina !

Diovy aloha ny tokontany, na ny vavy na ny lahy,
Andao hitaky ny fialan'ireo mpitsara mitanila.
Tsy azo ekena raha ny avo no hivarotra fanahy ,
Tsy hisafidy lala-marina fa dia mbola hivaralila !

…Diovy aloha ny tokontany dia manaraka ny sisa.
Hilamina ny firenena raha izany no ho tontosa,
Ary hiadana finaritra ireo vahoaka an-tapitrisa,
Ho sambatra ny malagasy , ny fiainany hisosa !

***DADAN'i ZINA (17-10-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ireo mpianatra eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo, nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly teny Ankatso.






Ny hetsiky ny vondron'ireo kandidà 11 teny Tanjombato sy teny Mahamasina omaly.






## NY TENY FIAINANA

*"Fa hisy Kristy sandoka sy mpaminany sandoka hitsangana ka haneho famantarana lehibe sy fahagagana, ary raha azo atao, na dia ny olom-boafidy aza dia hofitahiny."*
***Matio 24:24***

**Barea de Madagascar**

# Nandresy an'i Bénin 2 – 1 tany Maraoka

Nandresy an'i Bénin tamin'ny isa 2 – 1 ny Barea Malagasy tamin'ny talata 17 oktobra 2023 tao amin'ny kianja « Stade Zaouli Maroc », teo amin'ny fiatrehany ny lalaom-pirahalahiana faharoa nataony, tamin'ny hetsika « Journée Fifa 2023 » natao tanyMaroc. Teo amin'ny minitra 1'51 ry zareo Béninois no nanokatra ny isa izay nosahalain'ny Barea teo amin'ny minitra faha- 21'07. Tany amin'ny minitra faha-51'30 kosa no nahatafidiran'ny Malagasy ny baolina faharoa matiny.

***Rainilita***



***Barea 2023 tany Maraoka.***

**Championnats Nationaux de Basket N1A, 2023**

# Etsy amin'ny Palais des sports hanomboka anio

Hanomboka anio alakamisy 19 oktobra 2023 etsy amin'ny Palais des sports Mahamasina, ny fifaninana basikety sokajy N 1 A lahy sy vavy dia ny « Championnats Nationaux N1A, 2023, TOP 8 Hommes - 2è et Phase finale Dames ». Omaly alarobia 18 oktobra 2023 ny « Réunion technique » amin'ity fifaninanana ity. Nanamarika ny FMBB, fa ny vidim-pidirana hahazoana manatrika ny lalao rehetra dia ho 4000 Ar ary ny « invitation » kosa dia ho 30.000 Ar manomboka ny 19 ka hatramin'ny 25 oktobra. Fandaharam-potoana Alakamisy 19 oktobra 2023 11h30 : N1A Hommes-ASCUT Atsinanana # AS FANALAMANGA Alaotra M, 13h30 : N1A Hommes-GNBC Analamanga # BCB Boeny, 15h30 : N1A Hommes-TGBC Betsiboka # SBC Vakinankaratra, 17h30 : N1A Hommes-COSPN Analamanga # MBC Atsinanana Zoma 20 oktobra 2023 GRANDE SALLE : 08h30- N1A Dames : ASCUT Atsinanana # ANKARATRA Vakinankaratra, 10h15-N1A Dames : FANDRASA Haute Matsiatra # TAMIFA Amoron'Imania, 12h00- N1A Hommes : BCB Boeny # TGBC Betsiboka, 14h00- N1A Hommes : AS FANALAMANGA Alaotra M. # COSPN Analamanga, 16h00- N1A Hommes : ASCUT Atsinanana MBC Atsinanana, 18h00- N1A Hommes : GNBC Analamanga # SBC Vakinankaratra. PETIT PALAIS : 09h00- N1A Dames : TGBC Betsiboka # NB2 ALL Analamanga, 10h45- N1A Dames : GNBC Analamanga # SERASERA Vakinankaratra.

***Rainilita***



***Basket N 1 A lahy sy vavy.***

**Rugby tompondaka federaly 2, 2023**

# Amin'ny alahady izao indray no fotoana

Amin'ny alahady izao indray, no fotoana hitohizan' ny fifaninanana rugby fiadiana ny ho tompondaka federaly 2, 2023, eny amin' ny kianja Makis Andohatapenaka, ka lalao miisa 5 indray hotontosaina amin' izany. Marihana fa mbola ho 1000 Ar hoan'ny ankizy, 3000 Ar hoan'ny lehibe eny amin'ny Gradin ary ho 5000 Ar eny amin'ny Tribune hatrany, ny fidirana eny Andohatapenaka. Fandaharandalao : 08h00-Fta Anjanahary # 3F5 Amboditsiry, 09h30-Hiza 17 Angarangarana # Afa Ankazomanga, 11h00-Soe Stade # XV Beravina Beravina, 12h30-Crai Ambalavao Isotry # Matadorea Anosipatrana, 14h00-Asa Ambohimanarina # Fta Andavamamba.



***Rugby Federaly 2, 2023.***

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henabaolina sy anana** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary papay miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny voankazo: manga



Ny soa azo avy amin'ny voankazo: manga indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Vokatra ny manga amin'izao fotoana, sady efa latsaka ny orana, ka azo hanina tsara amin'izay ity karazam-boankazo ity.
Miaro amin'ny fahanteran'ny sela (anti oxydant) ary miaro amin'ny homamiadana (cancer) ny manga.
Manamafy ny hery fiarovana.
Ny manga iray dia efa mitondra ny ¼ ny vitame A ilaina isan'andro :
- mampiakatra ny hery fiarovana sy manatsara ny volo.
-manatsara sy miaro ny maso amin'ny cataracte.
-miaro ny maso amin'ny tanamasoandro.
Misy vitamine C,A,E :mitondra hery sy miaro amin'ny fahakentronan'ny hoditra.
Miaro amin'ny fitohanana sy ny fisian'ny rivotra (manala rivotra).
Mahasalama ny tsinay.
Mampihena ny cholestérol (karazana tavy) ireo antsoina hoe « fibres » hita ao amin'ny manga.
Mampihena ilay fahamainan'ny fo (infarctus du myocarde), izany hoe mampihena ny fahatsentsenan'ny lalan-drà mamatsy rà ny fo.
Misy vitamine B6 ; ilaina amin'ny fiforonan'ny rà, manamafy ny hery fiarovana, manala ny havizanana.
Misy vitamine B12(cabalamine) : manatsara ny fiasan'ny atidoha sy ireo retsi-pandre (du système nerveux), fiforonan'ny antsoina hoe ADN izay ilaina amin'ny fiasan'ny sela.
Manga iray na roa ihany dia efa ampy isan'andro

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Toamasina I faritra Atsinanana

Mbola any amin'ny faritra Atsinanana ihany, tao aorian'ny fampahafantarana ireo tanàna miisa 12 any amin'ny distrikan'i Marolambo, ny tanànan'i Toamasina, renivohitry ny kaominina Toamasina, sy ny distrikan'i Toamasina I, sady renivohitry ny faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Misy boriboritany 5 i Toamasina ary 138 fokontany. Renivohitra aratoekaren'i Madagasikara ihany koa no filaza azy, noho ny seranantsambon'i Toamasina, sy ireo orinasa maro misy any an-toerana : toa an'Ambatovy, ny ladoany, orinasa mpanondrana ireo vokatra fanondrana samy hafa toy ny lavanila, ny jirofo, ny kafe, ny letchi,… Seranam-piaramanidina iraisam-pirenena koa ny seranampiaramanidin'Ambalamanasy any an-toerana. Mampalaza ny renivohitry ny faritra Atsinanana koa ny fizahantany. Lalampirenena roa no tonga any dia ny RN2 sy ny RN5.



NENY CHRISTINE RAZANAMAHASOA

# Nankasitraka ny fahasahiany ny ankamaroan'ny Malagasy

Taorian'ny kabary nataon'i Neny Christine Razanahamasoa ny talata teo, nandritra ny fanokafany ny fivoriana arapotoana faharoan'ny Antenimierampirenena dia maro tamin'ny Malagasy no latsa-dranomaso sy faly, fa hay mbola misy olona ao amin'ny fitondràna mahatsapa fa misy krizy eto amin'ny firenena, ka mila vahana haingana ao anaty fifampiresahana, mba hiaina ampilaminana ny vahoaka Malagasy iray manontolo. Nahitsy ity filohana andrimpanjaka mpanao lalàna ity, fa tsy nojereny hoe ao anatin'ny antokon'ny fitondràna ny tenany. Sahy izy manoloana ireo voay be araka ny tenin'ny depiote Rossy ao anaty fitondràna, tsy menatra ny mandrapaka.



*Ny filohan'ny Antenimierampirenena, Neny Christine Razanamahasoa.*

Izay no nahazo ny filohan'ny Antenimierandoholona Herimanana Razafimahefa, naneho hevitra mikasika ny raharaham-pirenena dia avy dia nongotana manta tsy ho filoha intsony . Tonga hatrany amin'ny hoe mararary saina no antony nanesorana azy . Toy izany izao no mitranga amin'i Neny Christine Razanamahasoa . Tonga sahady ny fanenjehana tao amin'ny gazetin'ny mpitondra, fa mararim-pahefana hono ity farany . Efa misy mikononkonona ny ao amin'ny fitondràna, fa hoe atao izay hanesorana azy tsy ho filohan'ny Antenimierampirenena indray ? raha izany tokoa no marina dia vao mainka ho raharaha be no hiseho eto amin' ny firenena, satria io andrimpanjakana io sisa no mijoro ankehitriny manaraka ny lalàna . Efa nanala birao maharitra anie ianareo fa tsy nahavita e ? Andrasan'ny maro ny ho tohin'ity tantara ity, fa dia nidera an'i Neny Christine Razanamahasoa ny olompirenena maro araka ny hita eny amin'ny tambazotran-tserasera sy eny anivon'ny fiarahamonina ary ny fanambaràna nataon' ireo antoko politika,…

**Helisoa**

Tsy fanarahan-dalàna maro misy

# Miezaka manao fanarian-dia ny governemanta Ntsay Christian

Miezaka mafy indray izao ny Governemantan'i Ntsay Christian manao izay hanarian-dia: "diversion" ny vahoaka malagasy. Ataony izay hanakonana ny tena fototry ny olana eto amin'ity firenena ity. Tsy inona izany fa ny fizakan'i Andry Rajoelina ny zompirenena frantsay. Tsy azo ekena velively sy lavina marindrano ny hirotsahany ho kandidà filohampirenena eto amin'ny tany sy fan-jakana. Ny fanarian-dia ataony ankehitriny dia ny filazana fa efa novahana ny fandraràna ny fidinana an-dalambe, tsy sakantsakanana intsony, ankoatra ny mankeo amin'ny kianjan'ny 13 Mey. Izany hoe mody aseho fa malalaka ny fanehoan-kevitra an-dalambe ary ampanjakana ny demôkrasia. Fitaka bevava sy fihatsarambelatsihy tsotra izao izany, ka tsy tokony ho voafandrika amin'izany ny kandidà 11 sy ireo solombavambahoaka miara-dia amin'izy



*Praiministra, anisan'ny mpanapotika ny firenena toa an-dRajoelina koa i Ntsay Christian.*

ireo, miaraka amin'ireo vahoaka marobe manohana azy ireo amin'izao fotoana izao. Ezahiny takonana ihany koa ny fomba ratsy tsy manara-dalàna natao teny amin'ny Antenimierandoholona tamin'ny fanonganana ny filohany sy fametrahana ilay jeneraly misotro ronono misolo azy, izay minia mikimpy manoloa-na ny tsy ara-dalàna rehetra.

Tsy tokony ho adinoina velively ny ratsy na fomba ratsy nataon'ireo: ny governemanta, ny loholona, ireo depiote miloko volondaoranjy, ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ( HCC) mitanila hatrany, ary ny Ceni mampilalao kianja maloto amin'ny fifidianana no sady mbola minia mikimpy ihany koa manoloana ny tsy fahatomombanana sy tsy ara-dalàna maro samihafa. Izao tsy ahitanteny mihitsy amin'ny fandikan-dalàna ataon'ireo mpiara-dia an-dRajoelina; ny zandary nihetraketraka tanteraka tamin'ny fanasemporana sy fandratrana ireo vahoaka nidina andalambe miara-dia amin' ireo kandidà 11 sy ny fisamborana olona maro tamin'ny fomba feno heritsetra. Ary ny talata teo teny Andavamamba tamin'ny fanakarama olona sy vondron'olona avy amin'ny TGV, nanaiky hihetraketraka sy sotasota ratsy tamin'ireo mpilahatra am-pilaminana, sy ny fanapotehana fiarakodian' ireo kandidà. Natao tao anatin'izany fihantsiana izany ny hampiadiana ny samy vahoaka, ka ho tonga amin'ny ady an-trano. Soa fa nanana fahendrena lalina ireo mpilahatra am-pilaminana.

Izany rehetra izany dia maneho sy milaza fa mby amin'ny teny vahiny hoe "le mal est fait". Ny miàla tsiny sy mifona aloha no andrasana amin'izy rehetra ireo, fa hadisoana bevava eto amin'ny firenena. Aorian'izay no andrasana ny fiverenan'ireo amin'ny fanajàna ny lalàna sy ny Lalampanorenana ary fialàna amin'ny làlana nizorana mamohehitra hatramin'izay ka mametraka ny fahamarinana. Raha tsy misy izay dia fanampena-maso, fanakonana ny marina, resaka famitaham-bahoaka sy fampandriana adrisa, ary fanarian-dia tsotra izao no ezahina atao amin'izao fotoana izao. Tsy maintsy tohizana ny tolona tsy fanekena vazaha frantsay hitondra ity firenena ity, fa masina ny tanindrazana.

**Sôh'son**

Sprinter sy Kamiao Star nifandona

# 2 namoy ny ainy, 18 naratra mafy

2 namoy ny ainy, 18 naratra mafy, io no vokatry ny lozam-pifamoivoizana nitranga tamin'ny lalampirenena faha-7 (RN7) omaly.

Taxibrousse Sprinter avy any Ambositra hizotra hoany Sambava no nifando-na tamin'ny fiara vaventy na kamiao an'ny Orinasa star (avy any Ambatolampy handeha ho any Manakara) tokony ho tamin'ny 3 ora tolakandro, tao Mahatsanda kaomini-na Ilaka Centre, distrikan' Ambositra faritra Amoron'i Mania.

Vokatri'izany loza maha-tsiravina izany: miisa 2 no maty ka ny iray ny mpamily ilay fiara sprinter ary mpandeha vehivavy ny iray.

Mpandeha miisa 18 no naratra mafy; izay efa nahazo fitsaboana tao amin' ny CSB2 Ilaka Centre. Nisy ny fahasimbana goavana teo amin'ilay fiara sprinter mpitatitra olona sy ilay fiara vaventy an'ny orinasa Star.

**Niaina**



*Ilay taksibrosy niharan-doza tamin'ny RN7.*

Bianco Morondava

# Ny zandary, ny fanantantany ary ny CTD no lohalaharana amin'ny kolikoly

Feno taona iray ny faha 13 oktobra lasa teo no nisian'ny rantsamangaikan' ny Bianco ato Morondava, izay miadidy ny faritra Menabe sy Melaky, ka nisy ny jeritodika izay nataon'ny Bianco tato Morondava. Nandritra izany no nahitana, fa ny eo anivon'ny fikirakirana ny fananantany sy ny zandarimaria ary ny CTD na ny vondrom-bahoakam-paritra, no mitana ny loha-laharana eo amin' ny fanao- vana kolikoly



*Andriamatoa RAKOTODRAMISA Andrianjafy Charles, Tale iraisam-paritry ny Bianco Menabe sy Melaky.*

raha ny fitorohana sy fitarainana voaray tao anatin'izay taona iray izay ; nilaza moa ny tale iraisam-paritry ny Bianco Menabe sy Melaky Andriamatoa RAKOTODRAMISA Andrianjafy Charles, fa 199 ha- treto ny fitarainana voaray ny eo anivon'ny bian-co Morondava tao anatin' izay taona iray izay, ka 61 ireo efa vita fanadihadiana ka ny 24 amin'ireo dia tsy voaporofo ny fisian'ny kolikoly fa 37 tamin'ireo no natolotra fi- tsarana, izay olona 40 no nosamborina mikasika izany, ny olona 8 no nampidirina amponja vonjimaika raha arahimaso ara-pitsarana kosa ny olona 16 ary olona 16 iha-ny koa nahazo fahafahana vonjimaika. Raha ireo sampandraharaham-panjakana ato Menabe sy Melaky dia ny ao amin'ny fananan-tany sy fitsinjaram-pahefana (CTD) ary ny zandarmiaria no laharana telo voalohany maro mpitaraina amin'ny fanaovana kolikoly hatreto ho an'ny faritra Menabe sy Melaky, ka ny trangana kolikoly misy dia ny fanararaotam-pahefana sy ny fanodinkodinana volam-panjakana ary ny fanaovana hosoka sy fampiasana hosoka. Na dia mivelatra be aza ny fari- piadidian'ny Bianco Morondava dia tsy mikely soroka ny tompon'andrai- kitra, fa miezaka mametraka paikady izy ireo hanatanterahana ny asa saingy mbola eo koa ny tsy fandriampahalemana sy ny faharatsian'ny lalana, izay mampifandray ireo faritra roa iadidiany ary manampy ny Bianco kosa ny efa fahasahian' ny olona mitoroka sy fijoroan'ny olona, satria dia efa maro ireo olona no sahy mitoroka ary tena mijoro hiady amin'ny kolikoly na dia izany aza dia mbola entanina ny rehetra hitoroka raha mahita fandikan-dalana mikasika ny kolikoly, satria arovan' ny lalàna izay mitoroka ny kolikoly ary hajaina hatrany ny tsiambaratelo ho an'ny olona mitoroka.

**Rajepa**

Ekipa ANTANANARIVO 3x3

# Tafaverina an-tanindrazana omaly

Tafaverina an-tanindrazana ny Ekipa ANTANANARIVO, avy niatrika ny fifaninanana basikety « 3x3 World Tour | Shanghai Masters 2023 », natao tamin'ny 14 sy 15 oktobra 2023 lasa teo, ka nandrombaka ny laharana faha-3 tamin'ireo ekipa miisa 12 avy amina firenena niisa 8 nandray anjara tamin'ny fifaninanana natokana hoan'ireo mpilalao matihanina ity. Omaly alarobia tamin'ny 2ora sy 26min no nigadona teo amin'ny seranampiaramanidina Ivato ry RATIANARIVO Livio, LOUBACKY Rick-Ley, SOLONDRAINY Arnold ary RANDRIAMAMPIONONA Elly.

**Rainilita**



*ANTANANARIVO tonga teny Ivato.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**14/10/2023 hatramin'ny 21/10/2023**

- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12/038 22 245 12
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 79 621 18 / 032 05 224 32
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1485-10-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Mampanahy ny hoavin'ny tanora malagasy sy ny firenena

Tsy nisy filaminany mihitsy ny fampianarana teny amin'ny Anjerimanontolo, toy ny teny amin' ny Oniversiten' Antananarivo tato anatin'ny taona maro izao. Mbola mitohy izany mandraka ankehitriny, samy maneho hetsika na ny mpianatra na ny mpampianatra na koa ny mpandraharaha. Zana-bahoaka avokoa no mandranto fianarana eny ary tsy avy eto Antananarivo ihany izy ireo, fa avy any amin' ny faritra samihafa manerana ny Nosy ihany koa. Hanao ahoana araka izany ny hoavin'izy ireo raha isan-taona miatrika hetsika sy fitakiana ary fitokonana lava izao? Anisan' ny mampieritreritra fatratra ny zava-misy eo anivon'ny sampampianarana lalàna amin'izao fotoana izao. Manoloana ny adihevitra lehibe momba ny fampianarana ny Lalampanorenana, izay mifandraika amin' ny fifidianana atrehina ankehitriny. Nisy mpitsara nisarika ny sain'ny maro tamin'ny fanazavana nataony ny amin'ny tsy fifa- narahan'ny zavatra nianarany teny Ankatso, sy ny zavatra ampiharina eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Diso ve izany ny nianaranay sa ahoana marina? hoy izy. Marihina, fa tsy nisy na iray aza mpampianatra mpikaroka teny amin'ny Oniversiten'Ankatso namaly izany. Dia ahoana tokoa moa izany zavatra diso omena ny mpianatra eny amin'ny Anjerimanontolo izany? Kanefa ireo no ambara mandrakariva fa hoavin'ity firenena ity. Moa tsy hamarina ankady ny firenena ve izy ireo ka tsy hisy ho hantenaina ny aminy? Raha tena misy tomponandraikitra marina mifandraika amin' izany eto amin'ny firenena dia tsy afaka mangina, na mipetra-potsiny amin'izao, manoloana izany loza mitatao amin' ny firenena izany. Eo indrindra no isintonan'ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) ny sain'ny olom-pirenena rehetra satria tsy eny amin'ny Anjerimanontolo ihany no mibirioka ny zotran'ny fampianarana eto Madagasikara, fa saiky ny sokajy rehetra mihitsy hatrany amin' ny sekoly am- baratonga fototra na garabola. Tsy maintsy jerena akaiky malaky ny fanarenana ny seha-pampianarana sy ny seha-panabeazana fa miha- mi-tsontsorika. Hany ka tanora tsy vonton'ny fari-pahaizana amam-paha- lalana takiana sy andrasana amin'izy ireo no vokatra azo. Efa mitarika ny dinika ho amin' izany ny AFK ary miandry ny fanohanan'ny olom-pirenena azy amin'izao fotoana izao. Ny AFK dia tsy fiangonana ary tsy manao politika fa mikendry kosa ny hitondra anjara biriky hanarenana ity firenena ity. Fifandraisana : 034 17 460 53.

*Aris*

### Salon International de l'habitat andiany faha25

# Hanomboka anio eny Tanjombato ary haharitra 4 andro

Tranoeva miisa 120 ahitana ny fandraisana anjaran'ny mpisehatra matihanina amin'ny tontolon'ny tao-trano sy ny fanorenana, no sady hanome fahafaham-po ny mpitsidika, no hanamarika ny « Salon international de l'habitat » andiany faha25, izay hotanterahina etsy amin'ny « Forello Expo » Tanjombato hanomboka anio Alakamisy 19 Oktobra 2023 ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 22 Oktobra. Sehatra iray hahafahan'ny mpandray anjara mampahafantatra ny vokatra sy ny tolotra momban'ny tao-trano, sy ny fanorenana, no sady fotoana iray hahafahan'ny mpandray anjara mampihàtra ny fihenam-bidy amin'ny saran'ny ambany momban'ny vokatra na tolotra izay ananany. Nilaza Ramatoa Rabemanantsoa Harilala mpikarakara ny hetsika ao amin'ny Hazovato forello, fa hisy ny fanomezana lehibe hataon'ireo mpandray anjara ho an'ny mpitsidika amin'izao fankalazana ny jobily volafotsy ho an'ny « Salon international de l'habitat » amin'ity andiany faha 25 ity izao, ka tsy ho diso anjara ireto farany rehefa mitsidika ny varavarana misokatra ho an'ny tao-trano mandritra ny 4 andro. Hanamarika an'ity hetsika izay hatao etsy Tanjombato ity ny fandraisana andraikitra hataon'ireo orinasa misehatra amin'ny fanorenana sy tao-trano amin'ny fiarovana ny tontolo iainana (Espace eco-responsabilité), ny fampahafantarana ho an'ny mpitsidika ireo vokatra sy ny tolotra ataon'ny orinasa, izay mifantoka amin' ny fiarovana tanteraka ny tontolo iainana, tsy hadino ny ivontoerana ivelan'ny trano izay natokana ho an'ny mpisehatra amin' ny zaridaina sy ny zava-maitso.


*Franck Razakambelo*



*Salon International de l'habitat, ireo mpikarakara sy ny mpandray anjara.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 447




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0446)

**Mitsivalana**
- Pasitora
- Eka – Zo (miv)
- Romotra
- Amboa
- Tsia
- Ravoravo
- Adama – IV

**Mitsangana**
- Peratra
- Moka (miv) – Ad(y)
- Sambava
- OO – OM
- Tatatra
- Sa
- Roa – Ivy
- Az – Voay (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 447




**Mitsivalana**
**1.** Mpitondra firenena fahiny **2.** Sahala (miv) – Fiarakodia **3.** Mpiarabelona taloha – Hita amin'ny laoka **4.** Azo amin'ny voaloboka – Fitaovan'ny mpanjono **5.** Anelanelan'ny boky – Harena sy fitiavana izay dimbiasina – Anaty rano **6.** Mampisafidy – Vorona **7.** Hazandrano **8.** Vatana – Loza mitranga (miv) **9.** Fanontaniana – Faran-teny **10.** Atao eny ivelany – Aro moka

**Mitsangana**
**A.** Mitsoaka, mihazakazaka miafina **B.** Simba **D.** Karazana valizy vy (miv) – Androany **E.** Karazana anana (miv) **F.** Ao amin'ny Baiboly – Ekena **G.** Voaray – Eny amin'ny lanitra eny **H.** Tampisaka – Karazana zava-maniry **I.** Matoanteny – Renirano **J.** Fonenan'ny mpanjaka – Teny mandrara **K.** Tsy mahatazana – Hita ao amin'ny fery

### Valiny Teny mifanaraka 0446

**Mitsivalana**
**1**. Fanampiana **2.** Ana - Ri **3.** Famaranana **4.** Ombiasy - IV **5.** Hao - Ra - Fay **6.** Alamina - KM **7.** Zoro - Aroa **8.** Anikeo - Aty **9.** Nanao - Otra **10.** Ar - Naato (miv)

**Mitsangana**
**A** Fifohazana **B.** Amalona **D.** Namboarina **E.** Anay - Mokar(y) **F.** Marary - Eo **G.** Asanao **H.** Inri (miv) - Ar(etina) - To (miv) **I.** Aia - Atao (miv) **J.** Niakatra **K.** Mivaha (miv) - Nay (miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaova

Njaka, Helisoa

**Ny fiaran'ny kandidà filoha Marc Ravalomanana teny Andavamamba, nisy andian'olona voakarama nikasa hamotika azy.**




**Ny hetsika am-pilaminana nataon'ny vondron'ireo kandidà 11 teny amin'ny Cenam 67ha, ny talata teo.**




**Ny hetsiky ny vondron'ireo kandidà 11 avy any Tanjombato, sy tetsy Mahamasina omaly.**

